NY FIOMPIANA ONDRY

Ao anaty fianakaviambe na « famille » ny "bovidae" sy karazany na « espèce » "*ovis* aries" ny ondry. Anisan'ireo biby mpiraoka toy ny omby sy ny osy ny ondry. Mahazaka hafanana sy maintany, mahatanty tsy fahampian-tsakafo sady mora mitombo ny ondry no tsy mandany vola ny miompy azy.

1.- NY KARAZANY

Misy karazany roa ny ondry : ao ny ondry misy volony azo tapahana « laine », ao ny ondry misy volony tsotra.

Ireto misy karazana ondry azo angalàna volony : "Le Macina", "Dongola","Nilgiri" (Afrika sy Inde), "Avakalin", "Avivastra", "Douner", "Rabo-largo".

Amin'ireo manana volo tsotra, dia misy ireo manana volo tena fohy, misy ireo manana volo lava nefa tsy azo tapahana angalàna "laine". Ahazoana hena sy hodiny izy ireo. Ny hena mahatratra 35 ka hatramin'ny 50%. Misy ny karazana ondry lahy natao hitombo haingana, natao hamokatra hena, tsy dia misy taviny toy ny "Suffolk"," Hampshire", "Texel". Ao koa ny karazany afaka miteraka zanaka maro isaky ny vohoka (ny salanisa telo eo ho eo) toy ny "Arcott", "Rideau"(Canada). Misy koa ny karazany mamokatra ronono be rehefa miteraka. Ny ondry iray dia afaka manome ronono 500 grama ka hatramin'ny 1 kilao isan'andro amin'ny fotoana fampinonoana (4 – 5 volana). Mahatratra 2 kg ka hatramin'ny 3 kg izany raha tsara karazana toy ny "Awassi" (moyen orient), "Barbarine " (Afrika avaratra), "Tunisian Milk Sheep", "Chios", "East Friesian", "British Milksheep"(Grande Bretagne) sy ny "Lacaune".

2.- NY TRANONY

Tsy mety amin'ny toerana mihidy sy mangatsiaka ary mando ny ondry.
Ny ao anaty tranony dia misy :

a) Efitra :

Habeny:

- renin'ondry sy ny zanany 0,90 m^2 - 1,20 m^2
- ondry mihoatra ny herin-taona 0,50 m^2 - 0,60 m^2

- ondry lehibe 0,60 m^2 - 0,80 m^2
- ondry lahy 1,75 m^2- 2 m^2

Rindrina :

Ahavony 1,20 m, misy varavarana 2,50 m ny habeny.

Ambany : feta tany mafy tsara
Asiana mololo vaovao matetika ny ambany ary alàna in-1 na in-2 isan-taona ny zezika.

b) Fitaovana :

Ny sakafony dia atao ao anaty fasiana sakafo izay toy izao ny momba azy :

- alavany :
  - 0ndry kely 0,20 m
  - ondry mihoatra ny herin-taona 0,30 m
  - ondry lehibe 0,40 m
- ahavony :
  - matetika 0, 80 m – 1 m
  - ondry vavy 0,30 m
  - ondry lahy : 0,40 m

Ireo dia azo apetraka amin'ny tany na atao miantona amin'ny tady na rojo vy, amin'ny tafo. Esorina ny haben'ny fasiana sakafo izay vao atao ny haben'ny efitra.

3.- NY SAKAFONY

Ahitra sy bozaka no tena sakafony. Tsara raha omena fanampi-tsakafo ny ondry amin'ny fotoana fampanarahana azy, maha-bevohoka azy ary fampinonoany. Anisan'izany ny taim-boanjo, ny mangahazo, ny "urée", ny "mélasse", soja, voamaina, ampombo-na blé sy apombom-bary, "drêche". Mila misotro rano 1 na 2 litatra ny ondry rehefa mihinana sakafo maina. Raha mando ny sakafony dia tsy mila omena rano izy. Omena "vitamine" A, B1, B2, B6, B12, D2, D3, E sy K, ary "calcium" 7 g isaky ny 100 kg ny lanjany velona , "phosphore" 5 g isaky 100 kg ny lanjany velona sy sira na "chlorure de sodium" 5 g isaky 100 kg ny lanjany velona.

4.- NY FAMPANARAHANA

Ny ondry lahy dia mora mitombo kokoa nohon'ny ondry vavy, indrindra fa aorinan'ny faha-telovolany. Ny faha-elan'ny "cycle sexuel" dia 17 andro (14-19 andro). Misy fiovaovany io arakaraky ny karazany, ny lanjany, ny toe-tenany, ny toetr'andro. Miteraka voalohany ny ondry eo amin'ny 14-18 volana.ary afaka manome taranaka iray na roa isaky ny sivy volana. Afaka manaraka ny reniny mandram-pahatongan'ny faha 60 andro ny zanany. Azo vonoina ohanina, eo amin'ny 23 kilao izy no tena tsara, azo atao koa ny manatavy azy hatramin'ny 45 kilao.

5.- NY ARETINA SY NY FAHASALAMANY

Ny kankana no aretina tena mpahazo ny ondry. Ao ny "helminthes" izay mamely ny aty, ny kankana amin'ny vavony, ny "bronchites vernimeuses"mamely ny avokavoka, ny "douve de foie", ny bilarziozy, ny aretin-tsinay "coccides", ny "trypanosomose" aretina azo amin'ny

mouche “Tse-Tse”. Misy koa ny aretin-tsofina sy ny rantsana, ny lagaly, ny “anaplasmose” aretina azo avy amin’ny lalitra, ny “charbon symptomatique”, ny tazon’ondry, sns…..
Aty amin’ny tany mafana sy mando no tena ahitana ny “maladies parasitaires” ary amafisin’ny tsy fahampian-kanina sy ny tsy fitandrovana ny fahadiovana. Tsara ny manatona veterinera rehefa misy tsy fahasalaman’ny ondry mba ialàna ny fanampoizinana ny biby. Tsara kokoa anefa ny misoroka noho ny mitsabo ka tokony ho tandrovana ny fahadiovana ny tranony, ny fanambaniny sy omena sakafo ara-dalàna sy rano ny ondry, atokana toerana ireo biby marary.

6.- NY TOMBOTSOA AZO AVY AMIN’NY FIOMPIANA AZY

Maro ny tombotsoa azo amin’ny fiompiana ondry. Ahazoana hena atao sakafo eo amin’ny 35 ka hatramin’ny 50% ny ondry velona iray. Ny henany dia menamena mitovitovy amin’ny hen’omby. Ny volony azo anamboarana tady, “tentes”, ahazoana “laine”anaovana akanjo, bodofotsy, “tapis Mohair”…. Ny ondry iray afaka manome “laine”1,200 kilao isan-taona. Ny hodiny ahazoana hoditra azo anaovana kiraro, poketram-behivavy “tapis”. Misy koa ireo ondry manome ronono. Ny ankabiazan’ny rononony dia natao sakafon’ny zanany. Ny an’ireo karazany be ronono dia azo anaovana “fromage” na fraomazy. Ny rononon’ondry dia misy tavy”matière grasse” in-droa avo heny sy praoteina 40% mihoatra ny rononon’omby sy osy, ireo toetran’ireo no tena mampaha-mety sy maha-tsara azy anaovana fraomazy. Ny mpiompy azy koa mahazo zezika ambolena. Mampidi-bola sady mora ompiana ny ondry.

BIBLIOGRAFIA

Ministère de la Coopération.- Mémento de l’Agronome.- 4e éd.- Ministère de la Coopération, 1993.-1635.- ISSN : 0336-3058 ISBN 2-11-087348-5

Fiompiana Ondry sy Osy.- In : Ireo Tantsaha vaovao n°168, p.5.- Febroary 2008

Fiompiana Ondry sy Osy.- In : Ireo Tantsaha vaovao n°169, p.5.- Marsa 2008

Cirad-Gret.- Mémento de l’agronome.- 2002.-. 1691 p.

http://www.thecanadianencyclopedia.com/index.cfm?PgNm=TCE&Params=F1ARTF0007341

http://www.techovin.com/v2/spip.php?article85&lang=&techovin=975eece141bb5a111394e6f0a6516b57